“Ny fifanekena maha samihafa amintsika sy amin’izy ireo dia ny soalat, ka izay tsy manatanteraka izany dia efa mpikomy”

Tatitra azo avy amin'i Boraida (R.A), Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Ny fifanekena maha samihafa amintsika sy amin’izy ireo dia ny soalat, ka izay tsy manatanteraka izany dia efa mpikomy”.

[Mari-pototra] [Notantarain'i Al-Tirmizì, Al-Nasàì Ibn Màjah ary Ahmad]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa ny fifanekena sy fifamatorana eo amin'ireo mpino silamo sy ny hafa ankoatra azy ireo avy amin'ireo tsy mpino sy mpihatsaravelatsihy dia ny soalat, ka izay mamela izany dia efa tsy mpino.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65094